

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

LOI n° 2001 - 003

**autorisant la ratification de l'Accord de Prêt conclu le 31 janvier 2001 entre la
REPUBLIQUE DE MADAGASCAR et le FONDS INTERNATIONAL DE
DEVELOPPEMENT AGRICOLE relatif au financement du "PROJET DE MISE EN
VALEUR DU HAUT BASSIN DU MANDRARE - PHASE II"**

EXPOSE DES MOTIFS

Suivant Accord de prêt en date du 31 janvier 2001, la REPUBLIQUE DE MADAGASCAR a contracté auprès du FONDS INTERNATIONAL DE DEVELOPPEMENT AGRICOLE (FIDA) un prêt équivalent à NEUF MILLIONS HUIT CENT CINQUANTE MILLE (9 850 000) Droits de Tirages Spéciaux (DTS), soit environ 83,200 MILLIARDS FMG, pour financer le "PROJET DE MISE EN VALEUR DU HAUT BASSIN DU MANDRARE - PHASE II".

I. OBJECTIFS DU PROJET

Objectifs Globaux : ils seraient de :

- contribuer à la diminution de la pauvreté rurale ;
- diversifier et accroître, de manière durable, les revenus des populations rurales, principalement celles les plus marginalisées ;
- améliorer la sécurité alimentaire des ménages ruraux ;
- contribuer à la restauration et à une gestion durable des ressources naturelles.

dans les neufs communes suivantes : Tsivory, Mahaly, Marotsiraka, Elonty, Ebelo, Esira, Maromby, Tranomaro et Imanombo. Elles concernent 17 000 familles regroupant à environ 96 000 habitants.

Objectifs spécifiques : ils seraient de :

- ↪ Renforcer les capacités locales de planification à la base, de gestion du développement économique et social, de conception et mise en œuvre de projets, et d'absorption de financements ruraux, en ciblant principalement les organisations paysannes dont les initiatives constitueront l'élément central du Projet ;
- ↪ Appuyer les initiatives locales identifiées à la base contribuant à l'augmentation et la sécurisation des revenus, l'accroissement de la sécurité alimentaire, et la gestion durable des ressources naturelles ;
- ↪ Promouvoir le développement des systèmes de productions agricoles durables, dans le souci d'une restauration et d'une gestion durable des ressources

naturelles ;

- ↪ Mieux valoriser la production en contribuant à la réduction des coûts de transaction commerciale par le désenclavement de la zone du Projet, un meilleur accès aux marchés, à l'information commerciale, aux services financiers, la réduction des pertes après récoltes (amélioration du stockage) et le soutien à la commercialisation de la production ;
- ↪ Faciliter, de manière durable, l'accès aux services financiers des populations rurales pauvres qui n'y accèdent pas ou peu aujourd'hui, en particulier les femmes, les jeunes et les paysans sans terre, dans les neuf communes précitées.

II. DESCRIPTION DU PROJET

II.1 Localisation du Projet :

Le Projet concerne Huit (08) communes du Fivondronana d'Amboasary Atsimo: Tsivory, Mahaly, Elonty, Marotsiraka, Ebelo, Tranomaro, Esira et Maromby ainsi qu'Une (01) commune du Fivondronana d'Ambovombe : Imanombo. Toutes ces communes sont localisées dans le haut bassin du Mandrare, circonscrites sous le demi-cercle constituées par les chaînes montagneuses de l'Ivakoany.

II.2 Les Principales Composantes du Projet

Le Projet comprend les 5 principales composantes ci-après :

Composante I : Renforcement des capacités locales : cette composante s'inscrit dans le cadre, d'une part, d'un objectif d'efficacité dans la mise en œuvre du programme et d'autre part, de la pérennisation des acquis du projet et de l'objectif d'un développement durable, pris en charge à long terme par la population elle-même. Elle prévoit les sous-composantes :

1.1. Appui à la Planification locale participative et Animation: Elaboration de Plans de Développement Communautaires sur la base d'un processus de diagnostics et planifications participatifs au niveau villageois

1.2. Alphabétisation fonctionnelle : Alphabétisation et Education des adultes par des alphabétiseurs communautaires formés et encadrés eux-mêmes par des spécialistes en alphabétisation.

1.3. Renforcement des capacités des agents du Projet : Formation et Mise à niveau du personnel d'exécution du Projet. Visites et Echanges et Ateliers.

1.4. Renforcement des communautés, des Organisations Paysannes et des structures locales de concertation : Formations fonctionnelles des organisations paysannes, en Comptabilité-Gestion et Marketing, Echanges d'expériences et Ateliers de réflexion

Composante II : Appui aux initiatives locales: conçue pour appuyer la réalisation de Mini-projets qui seraient des initiatives des bénéficiaires pour améliorer leurs conditions de vie. Cette composante est constituée de 3 sous-composantes :

2.1. Financement des initiatives communautaires à partir du Fonds pour les Initiatives locales (FIL) qui peuvent être des: Etudes de Faisabilité de Mini-Projets, Infrastructures collectives, des Mini-projets d'amélioration et de diversification de la production pastorale, de transformations et autres activités génératrices de revenus, des actions de protection de l'Environnement. De même, des appuis techniques (formation) ou des évaluations d'impact peuvent être éligibles à ce financement.

2.2. Activités transversales et d'Accompagnement : consistant en des Etudes de marchés, des appuis à la commercialisation, aux transferts de technologies ainsi que d'autres activités d'accompagnement pour assurer la réussite des mini-projets financés sur le FIL.

2.3 Appui à la réalisation et coordination technique qui sera assuré par une structure à mettre en place au niveau du Bureau du Projet et composée de 2 Départements techniques: Infrastructures rurales (Routes, pistes, périmètres irrigués, écoles, puits, ...) et Développement Agricole durable (Agriculture, Elevage, Environnement).

Composante III : Appui aux Services financiers: prévue pour faciliter l'accès des groupes cibles à des services financiers adaptés à leurs besoins, cette composante inclura les :

3.1 Etudes stratégiques de marketing et d'impact : pour identifier et choisir les sites de création des premières caisses, études de développement de produits et études d'impact.

3.2 Appui aux caisses consistant : à la sensibilisation initiale de communautés, la formation des élus, des gérants de caisse, les échanges d'expériences, la construction et l'équipement des caisses, les apports de base aux caisses pour les frais de fonctionnement et pour l'opérateur d'encadrement (Opérateur Technique spécialisé).

3.3 Appui à l'opérateur de microfinance incluant : l'Installation d'une unité de promotion, la fourniture des moyens de transport et des équipements de bureau, l'assistance technique, la mise en place d'un système d'information et de gestion et l'audit annuel des caisses et de l'unité.

Composante IV : Désenclavement de la zone du Projet : cette composante concerne les voies de communications intra-communales et les pistes de désenclavement des bassins de production, des marchés et des villages enclavés afin d'en rompre l'isolement et tout en réduisant les coûts de transaction, favoriser ainsi les échanges commerciales in et hors zone du projet. Les activités concernent :

4.1 Les Routes d'intérêt Provincial (RIP): Etudes d'Avant-projets détaillés et préparation des dossiers d'appels d'offres pour: le tronçon de la RIP 107 reliant Amboasary Sud à Anadabolava (100 km), la route reliant Ebelo à la RIP 117 et les

travaux confortatifs de viabilisation des tronçons de la RIP 107 et 117 réhabilités au cours de la première phase du projet.

4.2 Les Pistes d'intérêt Communal (PIC) : Etudes d'Avant-projets détaillés et préparation des dossiers d'appels d'offres pour environ 65 km de PIC et les travaux de réhabilitations correspondant.

Composante V: Coordination et Gestion comprend la mise en place et fonctionnement des moyens et structures d'exécution du Projet, des procédures financières et administratives; le suivi-évaluation, ainsi que l'appui institutionnel aux organismes d'orientation et de suivi, tels le CGDIS et le GTDR.

III. FINANCEMENT

Sources de financement :

Le coût total du projet est estimé à DIX HUIT MILLIONS CENT DEUX MILLE DROITS DE TIRAGES SPÉCIAUX (18 102 000 DTS).

Le financement du projet se fera à partir de trois sources principales :

- ◆ **Le Fonds International pour Le Développement Agricole (FIDA) :** 9,850 millions DTS dont 3,981 millions de DTS pour couvrir une partie des coûts en devise de 5,545 millions de DTS et 5,869 millions DTS pour couvrir une partie des coûts en monnaie locale de 12,557 DTS.
- ◆ **La Banque Mondiale** au travers du Programme sectoriel Transport (PST) et du Fonds d'Intervention pour le Développement (FID) : 2,809 millions de DTS dont 1,250 millions pour couvrir une partie des coûts en devise et 1,559 millions de DTS pour couvrir une partie des coûts en monnaie locale.
- ◆ **La Contrepartie Malgache** au travers des contributions des Bénéficiaires, des communes concernées, du Fonds d'entretien routier (FER) et le Gouvernement (cf. tableaux ci-dessous) : 5,443 millions de DTS dont 0,314 millions de DTS pour couvrir une partie des coûts en devise et 5,129 millions de DTS pour couvrir une partie des coûts en monnaie locale.

DEPENSES PAR SOURCES DE FINANCEMENT
(avec Sous-détails)

SOURCES	DTS millier			% Coût Total
	<i>Devise</i>	<i>M.L</i>	<i>TOTAL</i>	
FIDA	3 981	5 869	9 850	55 %
Banque Mondiale :	1 250	1 559	2 809	15 %
PST	1 151	1 382	2 533	
FID	99	177	276	
ETAT :	314	5 129	5 443	30 %
Gouvernement		3 962	3 962	
Communes	3	6	9	
FER	28	46	74	
Bénéficiaires	283	1 115	1 398	
TOTAL GENERAL	5 545	12 557	18 102	100 %

DEPENSES PAR COMPOSANTE ET PAR SOURCE DE FINANCEMENT
(en millier de DTS)

COMPOSANTE	FIDA	B.M		ETAT MALAGASY		TOTAL
		<i>PST</i>	<i>FID</i>	<i>Gvt, Com, FER</i>	<i>Bénéf.</i>	
Renforcement des capacités locales	1 147			250		1 397
Appui aux initiatives locales	5 171		276	1 603	1 389	8 439
Appui aux services financiers	706			110	9	825
Désenclavement	800	2 533		1 764		5 097
Gestion, coordination, suivi & évaluation	2 026			318		2 344
Sous-Total	9 850	2 533	276	4 045	1 398	
TOTAL GENERAL PAR SOURCE GLOBALE DE FINANCEMENT	9 850	2 809		5 443		18 102

IV. CONDITIONS FINANCIERES DU PRET FIDA

Montant : 9 850 000 de Droits de Tirages Spéciaux

Modalités de remboursement

- i) Durée : 40 ans y compris dix (10) ans de différé d'amortissement
- ii) Commission de service : 0,75 % sur le montant du prêt non remboursé, payable
semestriellement le 15 Février et le 15 Août.
- iii) Remboursement : 59 versements semestriels égaux de 164 167 DTS payables semestriellement le 15 février et le 15 août, commençant le 15 février 2011 et finissant le 15 février 2040 et un versement de 164 167 DTS le 15 août 2040.

V. ORGANISATION ET MODALITE D'EXECUTION

Le projet sera placé sous la tutelle du Ministère de l'Agriculture, et rattaché à la Direction générale. Il sera exécuté par un bureau du Projet situé à Tsivory et appuyé par une cellule comptable au sein de la Cellule d'Appui Comptable des Projets FIDA. Compte tenu du caractère multisectoriel du projet, le Bureau du Projet collaborera avec les directions et services techniques décentralisés des différents ministères impliqués dans le développement rural et avec tout autre organisme ou entité intervenant dans la zone du Projet.

Trois départements conduiront les activités techniques du projet :

- a) *Département Infrastructure Rural (IR)* avec 3 cellules techniques : Cellule Infrastructure routière, Cellule Aménagement hydro-agricole, et Cellule Infrastructures socio-économiques.
- b) *Département Développement Agricole Durable (DAD)* constitué par : une Cellule Elevage, une Cellule Agriculture et une Cellule Environnement.
- c) *Département Structuration du Milieu Rural (SMR)* composé d'une Cellule Organisation paysanne, dont les tâches seront sous-traitées à un prestataire de services (Opérateur Généraliste), ainsi que des Opérateurs Techniques Spécialisés.

Deux cellules d'appui : Suivi-Evaluation et Information-communication complètent cette structure avec le staff administratif et comptable de Tsivory et ceux de l'Unité Administrative et Comptable de Tanà.

D'autre part, un Comité d'Orientation du Projet (COP) sera créé. Il aura pour rôle de valider le programme de mise en œuvre des grandes orientations techniques et opérationnelles du Projet, d'examiner et de commenter les PTBA et les rapports annuels d'activités du Projet, et de superviser l'état d'avancement du Projet au travers des différentes directions des Ministères techniques dont il assurera la coordination et les échanges d'information. Son secrétariat sera assuré par le Bureau du Projet. Il sera composé des représentants : du MinAgri, des membres du CRD de l'Anosy et de l'Androy, du GTDR de Taolagnaro, des différents Ministères techniques, d'institutions privées et publiques, des agences de coopération et des bailleurs de fonds impliqués dans le Projet, du directeur du Projet et des représentants des OP appuyées par le Projet.

Aux termes de l'article 82, paragraphe VIII de la Constitution : “ ...la ratification ou l'approbation des traités ... qui engagent les finances de l'Etat doit être autorisée par la Loi ”.

Tel est, l'objet de la présente Loi.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

LOI n° 2001 - 003

**autorisant la ratification de l'Accord de Prêt conclu le 31 janvier 2001 entre la
REPUBLIQUE DE MADAGASCAR et le FONDS INTERNATIONAL DE
DEVELOPPEMENT AGRICOLE relatif au financement du "PROJET DE
MISE EN VALEUR DU HAUT BASSIN DU MANDRARE -Phase II".**

L'Assemblée Nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respectivement en date du 15 mai 2001 et du 02 juin, la Loi dont la teneur suit :

ARTICLE PREMIER . - Est autorisée la ratification de l'Accord de prêt conclu le 31 Janvier 2001 entre la République de Madagascar et le Fonds International pour le Développement Agricole relatif au financement du "PROJET DE MISE EN VALEUR DU HAUT BASSIN DU MANDRARE - Phase II", d'un montant de NEUF MILLIONS HUIT CENT CINQUANTE MILLE (9 850 000) Droits de Tirages Spéciaux (DTS).

ARTICLE 2.- La présente Loi sera publiée dans le Journal Officielle de la République.

Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 02 juin 2001

LE PRESIDENT DU SENAT,

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,

RAKOTOMANANA Honoré.

ANDRIANARISOA Ange C. F.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LALANA LAHARANA FAHA - 2001 - 003

Anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fampisamboram-bola tamin'ny 31 Janoary 2001 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahiry Iraisam-pirenena ho an'ny Fampandrosoana ny Fambolena (FIDA) momba ny famatsiam-bola ny “TETIKASA FANAMAINTISA-MOLALY NY LEMAKA AMBININ'NY MANDRARE - DINGANA II”.

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Araka ny Fifanarahana fisamboram-bola natao ny 31 Janoary 2001, ny Repoblikan'i Madagasikara dia nisambotra vola mitentina **DIMY ALINA SY VALO HETSY SY SIVY TAPITRISA (9.850.000) Droits de Tirages Spéciaux (DTS), saha ROANJATO TAPITRISA SY TELO AMBY VALOPOLO LAVITRISA IRAIMBILANJA (83.200.000.000 Ia)**, amin'ny Tahiry Iraisam-pirenena ho an'ny Fampandrosoana ny fambolena (FIDA) ho famatsiana ny “TETIKASA FANAMAINTISA-MOLALY NY LEMAKA AMBONIN'NY MANDRARE - DINGANA II”.

I - TANJON'NY TETIKASA

Tanjona Ankapobeny : ireto avy izy ireo :

- mandray anjara amin'ny fampihenana ny fahantran'ny tontolo ambanivohitra ;
- manamaro karazana sy mampitombo isa, amin'ny fomba maharitra, ny fidiram-bolan'ny mponina eny ambanivohitra, indrindra ireo izay tena mahantra tsy manan-katao (les plus marginalisées) ;
- manatsara ny fahavitan-tena ara-tsakafon'ny isan-tokantrano eny ambanivohitra ;
- mandray anjara amin'ny fikajiana sy ny fitantanana maharitra ny harena voajanahary.

Atao ato anatin'ireo Kaominina sivy manaraka ireto : Tsivory, Mahaly, Marotsiraka, Elonty, Ebelo, Esira, Maromby, Tranomaro ary Imanombo. Tokatrano miisa 17.000 itambaran'ny mponina miisa 96.000 no voakasin'izany.

Tanjona manokana : ireto avy izy ireo :

- hanamafy ny fahaiza-mamoaka drafitra miainga amin'ny fahaizan-manao

mifanaraka amin'ny zava-misy eo an-toerana, ny fitantanana ny fampandrosoana ara-ekonomika sy ara-tsosialy, ny famoronana sy ny fanmpadehanana ny tetikasa, ny fahaiza-mitrandraka ny famatsiam-bola natokana ho an'ny eny ambanivohitra, amin'ny fikendrena indrindra ireo Fikambanana tantsaha izay ny fahavononany no andry iankinan'ny tetikasa ;

- manamafy ny ezaka ataon'ny eo an-toerana izay voafidin'ireo voakasika mivantana fa manampy amin'ny fampitomboana sy ny fanatsarana ny fidiram-bola, fampitomboana ny fahavitan-tena ara-tsakafo, ary ny fitantanana maharitra ny harena voajanahary ;
- manaparitaka ny fampandrosoana ny fomba famokarana maharitra, izay entina indrindra hanatsarana sy hitantanana maharitra ny harena voajanahary ;
- hanatsarana kokoa ny vidim-bokatra amin'ny fiezahana hampihenana ny sara-pitanteran'ireo vokatra amidy amin'ny alalan'ny fanokafana ny faritra voakasiky ny tetikasa amin'ireo faritra hafa, fanatsarana ny fifaneraserana amin'ireo toerana misy tsena, fampahafantarana mikasika ny varotra sy fahaverezana aorian'ny fampiakarana ny vokatra (fanatsarana ny fomba fitehirizam-bokatra) ary ny fanohanana amin'ny fitadiavana lalam-barotra ho an'ireo vokatra ;
- manamora amin'ny fomba maharitra ny fahazoan'ireo tantsaha tena sahirana, indrindra indrindra ireo vehivavy sy ny tanora tsy an'asa ary ireo tantsaha tsy manana tany, mahazo tombontsoa amin'ny alàlan'ireo famatsiam-bola izay tsy azony nampiasaina hatramin'izao.

ao anatin'ireo Kaominina sivy voalaza etsy ambony ireo.

II - FAMARIPARITANA NY TETIKASA

II.1 Ny toerana hanaovana ny tetikasa

Ny tetikasa dia mahakasika Kaominina valo (8) ao anatin'ny Fivondronana Amboasary Atsimo : Tsivory, Mahasy, Elonty, Marotsiraka, ebelo, Tranomaro, Esira, Maromby ary Kaominina anakiray ao anatin'ny Fivondronana Ambovombe : Imanombo. Ireo Kaominina rehetra ireo dia hita ao anatin'ny faritry ny lemaka ambonin'ny Mandrare, ary tafiditra ao amin'ny antsasa-paribolana voafaritry ny tangorom-bohitra Ivakoany.

II.2 Ireo zavatra lehibe mandrafitra ny tetikasa

Manana Sokajy dimy (05) lehibe ny tetikasa, ireto avy izy ireo :

Sokajy 1 : Fanamafisana ny fahaiza-manao misy eo an-toerana : io sokajy io dia ilaina indrindra, amin'ny voalohany, ho fitaovana mahomby hanatratrarana ireo drafitr'asa, sady ihany koa ho fampaharetana ny zava-bita nandritra ny tetikasa ary ny tanjon'ny fampandrosoana maharitra, fandraisana an-tànana ataon'ireo mponina ao anatin'ny tetikasa. Ity sokajy ity dia ahitana ireto zana-tsokajy ireto :

1.1 Fanohanana ny teti-pivoarana eo an-toerana andraisan'ny

rehetra anjara ary fanentanana: famoahana drafitra fampandrosoana iraisambahoaka miainga avy amin'ny fanadihadiana atao eny an-toerana sy ny lamina iarahan'ny iray tanàna manapaka..

1.2 Fampianarana mamaky teny sy manoratra azo ampiharina avy hatrany : fampianarana mamaky teny sy manoratra ary fanabeazana ny olondhibe izay ataon'ireo mpampianatra mamaky teny izay hofanin'ny manampahaizana amin'ny fampianarana mamaky teny sy manoratra.

1.3 Fanamafisana ny traikefan'ireo mpanatanteraka asa ao anatin'ny tetikasa : fanofanana sy fampiakarana ny traikefan'ny olona mpanatanteraka asa ao anatin'ny tetikasa. Fitsidihana sy fifanakalozna ary atrikasa.

1.4 Fanamafisana ny fikambanan'ny tantsaha sy ny rafitra eo an-toerana ho fiaraha-mientana : fanofanana azo ampiharina avy hatrany ireo fikambanana tantsaha amin'ny fitantanana sy ny ara-bola ary ny ara-barotra, fifanakalozana traikefa sy atrikasa hanaovana jery tamberina.

Sokajy 2 : Fanohanana ny ezaka ataon'ny eo an-toerana : natao indrindra mba hanohanana ny fanatanterahana ny tetikasa madinika izay miainga avy amin'ireo olona mahazo tombontsoa mivantana mba hanatsarany ny fari-piainany. Mizara ho sokajy telo ity sokajy faharoa ity :

2.1 Fanohanana ny ezaka ataon'ny eo an-toerana izay miainga amin'ny tahirim-bolan'ny ezaka eo an-toerana (FLI) izay mety ho : fandalinana ny fahafaha-manatanteraka tetikasa madinika, drafitr'asa iombonana, ny tetikasa madinika hanatsarana sy hanamorana ireo vokatry ny fiompiana, fanodinana sy asa hafa mety hampidiram-bola, hetsika fiarovana ny tontolo iainana. Fanohanana ara-teknina (fanofanana) na fanombanana ny fiantraikany izay mety ho azo raisina amin'io famatsiam-bola io.

2.2 Asa savaravina sy fanampiny (activités transversales et d'accompagnement): izay hahitana ny fanadihadiana ny tsenam-barotra, fanohanana amin'ny famarotana, famindrana fahaiza-manao ary ireo asa hafa fanampiny mba hahazoana antoka ny fahombiazan'ny tetikasa madinika izay vatsian'ny tahirim-bolan'ny ezaka eo an-toerana.

2.3 Fanohanana amin'ny fanatanterahana sy ny fanohanana ara-teknika : ho tanterahina ny rafitra vaovao hapetraka hivondronan'ny departementa teknika roa eo anivon'ny biraon'ny tetikasa : drafitr'asa ambanivohitra (lâlana, tamba-zotra, sekoly, vovo...) ary fampandrosoana maharitra ny tontolo ambanivohitra (fambolena, fiompiana, tontolo iainana).

Sokajy 3 : *Fanohanana ny sampana famatsiam-bola (services financiers) :* nomanina mba hanamorana ny fahazoan'ireo vondron'olona kendrena amin'ny famatsiam-bola mifandraika amin'ny zavatra ilainy, ity sokajy ity dia ahitana an'ireto :

3.1 Fanadihadiana paik'ady amin'ny lafiny ara-barotra sy ny fiantraikany : mba hoenti-mamantatra sy misafidy ireo faritra hananganana ny tahiry voalohany, fanadihadiana ny fivorian'ny vokatra sy fanadihadiana ny fiantraikany.

3.2 Fanohanana ireo tahiry izay miompana indrindra amin'ny : fanentanana voalohany ny vahoaka, fanofanana ny olom-boafidy sy ireo mpitantanana ny tahiry, fifanakalozana fahalalàna, fananganana sy fampitaovana ireo tahiry, fandraisana anjara fototra hoenti-manana ny tahiry voalohany mba ho fampandehanan-draharaha sy hanamafisana ny fahaiza-manao amin'ny fangalana mpampiana-draharaha (Mpampiana-draharaha manam-pahaizana manokana).

3.3 Fanohanana ireo mpandraharaha amin'ny famatsiam-bola madinika izay ahitana : ny fametrahana ireo sampana fanaparahana, ny famatsiana ny fitaovam-pitanterana sy ny fitaovana enti-miasa, ny fanampiana ara-teknika, fametrahana fomba fifanakalozam-baovao sy fitantanana ary fanaraha-maso isan-taona ny tahiry sy ny sampana.

Sokajy 4 : Fanokafana ireo farita sahanin'ny tetikasa : Ity sokajy ity dia mikasika ny fifandraisana eo anivon'ny samy Kaominina sy ireo làna hisokafan'ireo lemaka famokarana, ny tsena sy ireo tànana mitoka-monina mba hialany amin'izany fikatonana izany sy hahamora ny vidin'ny fifanakalozana ara-barotra, hanatsarana bebe kokoa ny fifanakalozana ara-barotra ao anatiny sy ivelan'ny faritra sahanin'ny tetikasa. Ireo asa ireo dia mahasahana :

4.1 Ny làlana ho amin'ny faritany (RIP) : Fandalinana savaravina amin'ny antsipiriany sy fanomanana ireo antontan-taratasin'ny tolo-bidin'ny ampahan-dàlana mirefy 100 km mampitohy an'Amboasary Atsimo amin'ny Andabolava (RIP 107), ny làlana mampifandray an'i Ebelo amin'ny RIP 117 sy ny asa fanamafisana ary famelomana ny ampahan-dàlana amin'ny RIP 107 sy ny RIP 117 efa voavoatra nandritra ny dingana voalohan'ny tetikasa.

4.2 Ny làlana ho amin'ny tombontsoan'ny Kaominina (PIC) : Fandalinana savaravina amin'ny antsipiriany sy fanomanana ireo antontan-taratasin'ny tolo-bidin'ny làlana mirefy 65 km eo ho eo amin'ny PIC sy ireo fanarenana mifandraika amin'izany.

Sokajy 5 : Fandrindrana sy fitantanana : Izay ahitana ny fametrahana sy ny fampandehana ireo fitaovana sy ny rafitra mpanatanteraka ny tetikasa, ireo sori-dàlana ara-bola sy ara-pitantanana, fanaraha-maso ny tomban'ezaka, ary fanohanana ara-drafitra ireo sampan-draharaha mpitari-dàlana sy mpanaramaso toy ny CGDIS sy ny GTDR.

III - FAMATSIAM-BOLA NY TETIKASA

Loharanom-bola hamatsiana ny tetikasa :

Loharaom-bola telo lehibe mitentina **ROA RIVO SY IRAY HETSY SY VALO AMBIN'NY FOLO TAPITRISA (18.102.000) Droits de Tirages Spéciaux**, no hamatsiana ny tetikasa :

- **Ny Tahiry Iraisam-pirenena ho an'ny Fampanandrosoana ny Fambolena (FIDA) :** 9,850 tapitrisa DTS ka ny 3,981 tapitrisa DTS amin'izany dia hamenoana ny ampahany amin'ny sandam-bola vahiny izay mitentina 5,545 tapitrisa DTS ary ny 5,869 tapitrisa DTS hamenoana ny ampahany amin'ny sandam-bola malagasy izay mitentina 12,557 DTS.
- **Ny Banky Iraisam-pirenena amin'ny alàlan'ny «Programme sectoriel Transport (PST)»** sy ny Tahiry ho amin'ny Fampanandrosoana (FID) izay mitentina 2,809 tapitrisa DTS ka ny 1,250 tapitrisa amin'izany dia hamenoana ny ampahany amin'ny sandam-bola vahiny ary ny 1,559 tapitrisa DTS kosa hamenoana ny ampahany amin'ny vola malagasy.
- **Ny fandraisana anjaran'ny Malagasy** amin'ny alàlan'ny fandraisana anjara ataon'ny olona mahazo tombontsoa,, ny kaominina voakasika, ny tahiry fikojakojana ny lâlana (FER) ary ny Fanjakana Malagasy (cf tabilao etsy ambany) : 5,443 millions DTS ka ny 0,314 tapitrisa DTS mba hamenoana ny ampahany amin'ny sandam-bola malagasy.

FANDANIANA ISAKY NY LOHARANOM-BOLA

LOHARANOM-BOLA	DTS Tapitrisa			AMPAHANY
	Vola vahiny	Vola malagasy	TONTALI NY	
FIDA	3,981	5,869	9,850	55%
Banky Iraisam-pirenena :	1,250	1,559	2,809	15%
PST	1.151	1.382	2.533	
FID	99	177	276	
FANJAKANA	314	5.129	5.443	30%
Fanjakana		3.962	1.962	
Kaominina	3	6	9	
FER	28	46	74	
Olana mahazo	280	1.115	1.398	
tombontsoa				
TOTALINY ANKAPOBENY	5.545	12.557	18.102	100%

Fandaniana isakin'ny sokajin'asa sy loharanom-bola (an-tapitrisa DTS)

SOKAJY	FIDA	BM FANJAKANA MALAGASY				TONTALIN Y
		PST	FID	Gvt, Com., FER	Bénéf.	
<i>Fanamafisana ny fahaiza-manao misy eo an-toerana</i>	1.147			250		1.397
<i>Fanampiana ny finiavana ataon'ny olona eo an-toerana</i>	5.171		276	1.603	1.389	8.439
<i>Fanampiana an'ireo sampan'asa mikasika ny vola</i>	706			110	9	825
<i>Fanokafana ny faritra amin'ny faritra hafa</i>	800	2.533		1.764		5.097
<i>Fitantanana, fandaminana, fanaraha-maso sy fandanjalanjana</i>	2.206			318		2.344
Tontaliny isan'isany	9.850	2.533	276	4.045	1.398	
						18.102
TONTALINY ANKAPOBENY ISAKY NY SOKAJINA LOHARANOM-BOLA	9.850	2.809		5.443		

IV- FEPETRAN' NY FAMPINDRAMAM-BOLAN'NY FIDA

Tentiny : 9.850.000 de Droits de Tirages Spéciaux

Fombafomba fanonerana :

- i) Efaolo taona no ifanarahana, tafiditra ao anatin'izany ny folo taona fandeferana tsy andoavana,
- ii) Tambim-pampiasam-bola : 0,75% isaky ny enim-bolana, ny 15 Febroary sy ny 15 Aogositra, amin'ny vola nindramina nefa mbola tsy voaverina.
- iii) Famerenana ny renivola : atao isaky ny enim-bolana, ny 15 Febroary sy ny 15 Aogositra, in-59 mandrotsaka mitovy mitentina 164.167 DTS, ka ny famerenana voalohany dia atomboka ny 15 Febroary 2011 ary mifarana ny 15 Febroary 2040 miampy ny fandrotsahana

V - NY RATSA-MANGAIKA MPANATANTERAKA NY TETIKASA SY FOMBAFOMBA FANATANTERAHANA NY ASA

Ny tetikasa dia ho eo ambany fiahian'ny Minisiteran'ny Fambolena, hotanterahin'ny Biraony izay miorina any Tsivory ampian'ny Cellule Comptable ao anatin'ny Cellule d'Appui Comptable-n'ny tetikasa FIDA ary ho eo ambanin'ny fiadidian'ny Foibem-pitondrana. Noho ny tetikasa hiarahan'ny Minisitera maromaro, ny Biraon'ny tetikasa dia hiara-miasa amin'ireo Foibe sy Sampandraharaha teknikan'ny Minisitera tsirairay avy miparitaka any an-toerana ka manana anjara ao anatin'ny fampanandrosoana ny eny ambanivohitra sy ireo fikambanana hafa na sampandraharaha miasa ao anatin'ny faritra hiasany.

Departementa telo no hitantanana ny sampan'asa ara-teknikan'ny tetikasa :

a) Departemanta fotodrafitrasa ambanivohitra (IR) izay ahitana sampana teknika telo : sampana fotodrafitrasa lalana, sampana fanajariana ny tamba-zotra, sampana sosialy sy toekarena.

b) Departemanta fampanandrosoana maharitra ny eny ambanivohitra (DAD) izay ahitana : ny sampana fiompiana, sampana fambolena ary ny sampana tontolo iainana.

d) Departementa fandrafetana ny tontolo ambanivohitra (SMR) izay ahitana : ny sampana fandaminana sy fandrindrana ny tantsaha, andraikitra izay ankinina amin'ireo mpanatantera-daraharaha (opérateur généraliste) ary ireo ireo mpandraharaha ara-teknika manam-pahaizana manokana.

Sampana mpanohana anankiroa : Fanaraha-maso sy tomban'ezaka ary fampahalalam-baovao sy fifandraisana no mameno io rafitra io miaraka amin'ireo sampana mpitantan-draharaha sy mpitam-bola (staff administratif et comptable) ao Tsivory ary ireo ao Antananarivo.

Ankoatra izay dia hisy ihany koa komity mpitari-dalana ny tetikasa (COP) hajoro. Ny andraikiny dia hankatoa sy handany ny programa fanatanterahana ireo hevi-dehibe ara-teknika sy azo tanterahina amin'ny tetikasa, handinika sy hamakafaka ny programan'asa sy ny tetibola ary ireo tatitra momba ny asa vita isan-taona, ary hanara-maso ny fizotran'ny asa amin'ny alàlan'ireo sampan'asa isan-tsokajiny eo anivon'ireo Minisitera teknika izay hiantohany ny fandrindrana sy ny fifanakalozam-baovao.

Ny fiandraiketana ny fitanana an-tsoratra sy an-taratasy dia sahanin'ny Biraon'ny tetikasa.

Io Komity io dia ahitana ny solontenan'ny : Minisiteran'ny Fambolena, ireo mpikambana ao amin'ny CRD Anosy sy Androy ary ny GTDR Taolagnaro, ireo Minisitera teknika, ireo rafitra miankina sy tsy miankina amin'ny Fanjakana, ireo sampana fiaraha- miasa sy ireo mpamatsy vola ny tetikasa, ny talen'ny tetikasa, ary ireo solontenan'ny fikambanan'ny tantsaha tohanan'ny tetikasa.

Araka ny voalazan'ny andininy faha-82, paragrafy VIII ao amin'ny

Lalàmpanorenana :”..... Ny fankatoavana na ny fanekena ny fifanarahana izay mampiditra andraikitra ho efaina amin'ny volam-panjakana..... dia tokony omen-dàlana amin'ny alalan'ny lalàna”.

Izany sy izany no antonanton'ity Lalàna ity.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LALANA LAHARANA FAHA - 2001 - 003

Anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fampisamboram-bola tamin'ny 31 Janoary 2001 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahiry Iraisam-pirenena ho an'ny Fampandrosoana ny Fambolena (FIDA) momba ny famatsiam-bola ny "TETIKASA FANAMAINTISA-MOLALY NY LEMAKA AMBONIN'I MANDRARE - DINGANA II".

Nolanian'ny Antenimieram-pirenena sy ny Antenimieran-doholona tamin'ny fivoriana izay nataony avy ny faha-15 mey 2001 sy faha.....izao Lalàna manaraka izao :

ANDININY VOALOHANY : Omen-dàlana ny fankatoavana ny fifanarahana fampisamboram-bola tamin'ny 31 janoary 2001 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny tahiry Iraisam-Pirenena ho an'ny Fampandrosoana ny Fambolena (FIDA) momba ny famatsiam-bola ny "TETIKASA FANAMAINTISA-MOLALY NY LEMAKA AMBONIN'I MANDRARE - DINGANA II" izay mitentina **DIMY ALINA SY VALO HETSY SY SIVY TAPITRISA (9.850.000) Droits de Tirages Spéciaux (DTS)**, sahabo **ROANJATO TAPITRISA SY TELO AMBY VALOPOLO LAVITRISA IRAIMBILANJA (83.200.000.000 Ia)** eo ho eo.

ANDININY FAHA - 2 : Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblikan'i izao Lalàna izao.
Ho tanterahina izany fa Lalàm-panjakana.

Antananarivo, faha-2 jona 2001

NY FILOHAN'NY
FILOHAN'NY
ANTENIMIERAN-DOHOLONA,

NY
ANTENIMIERAM-PIRENENA,

RAKOTOMANANA Honoré.

ANDRIANARISOA Ange C. F.

